## Ny Fiangonanan'i Madagasikara voatokana ny 27 /02 /2016

### ''ANDRO KATOLIKA HO FIAROVANA NY VOAARY''

Araka ny fanentanan'ireo evekan'i Madagasikara, niantefa tamin'ireo Fiangonana, sekoly, ankohonan-drelijiozy, fikambanana….

**'Nanao hetsika mivantana izahay ho fampiharana ny ansikilika *Laudato si* !'**

**Niaraka tamin'ireo sokajin'olona maro, tamin'ny toerana rehetra nisy anay, namaly ny antso izahay …**



**Tany Antsirabe** : **Ny kolejy *Providence Antsirabe*** nanatanteraka fambolen-kazo tany Mahandraza. Ireo mpianatra 4e sy ireo Ray amandrenin'ny mpianatra ary ireo masera sy mpanabe dia namboly hazo sy hazo fihinam-boa teo amin'ny 1050 fototra teo. Niaraka tamin'izy ireo ny Pretra diosezianina Antsirabe P. Augustin.

*Masera Suzanne sy ireo Ray amand renin'ny mpianatra mitatitra ireo zanak'azo.*



*Masera Clémence,*





*Masera Florence,*
*Masera Claudine eo amperin'asa !*




*Masera Edwige sy ireo mpianatra ihany koa !*

**Tao Antananarivo,** Ny kolejy Sainte Chantal Soanierana dia nanomboka tamin'ny fihainoana an'i Madame Mamiah, mpanentana momba ny fikojakojana ny tontolo iainana. Lohahevitra lehibe nanentanana ny mpampianatra sy ny mpianatra dia ny maha-zava-dehibe ny fanavahana ny fako : ireo mora levona atao zezika ary ireo tsy mety levona.



Taorian'ny famelabelaran-kevitra dia mpianatra miisa 500 (ao amin'ny kilasy 6e ka hatramin'y 3e) niaraka tamin'ireo mpanabe no nifampizara nandio ny anaty sy ivelan'ny sekoly.





**Tao Antananarivo,** Amparibe, ny fianakaviam – ben'ny sekoly Providence ihany koa dia nanao hetsika fanadiovana ny anaty sy ivelan'ny sekoly : feno ireo ankizy ny lalan kely miditra ao an tsekoly nifanaretsaka amin'ny fanadiovana moa va tsy tsy ny tantely manorina mamy !



............ VIDEO